Fiteny tigrea

Ny **fiteny tigrea** dia fiteny etiosemitika tenenina ao Eritrea sy ao Sodàna. izay isan'ny fiteny semitika ao amin'ny fiteny hamito-semitika.tenenina ao amin'ny Tandrok'i Afrika. Atao hoe ትግረ / *tigre* na ትግሬ / *tigrē* izy amin'ny fiteny tigrea. Ny ao Eritrea dia amanao azy hoe ትግራይት) / Tigrayit fa ny ao Sodàna kosa dia manao azy hoe اَلْخَاصِيَة / *al-ẖāṣiyyah*. Ny vahoaka tigrea ao Eritrea no tena miteny azy.

Sahala amin'ny fiteny tigrinia dia heverina ho fiteny velona mifandray akaiky amin'ny fiteny gezy (izay mbola ampiasaina ho fiteny litorjika ao amin'ny Fiangonana Teoahedo Ortodoksa Etiopiana sy ny Fiangonana Teoahedo Ortodoksa Eritreana) ny fiteny tigrea. Ny 71%n'ny voambolana tigrea dia itovizany amin'ny an'ny fiteny gezy fa ny 64% no itoviany amin'ny an'ny fiteny tigrinia. Tamin'ny taona 1997 dia niisa 800 000 any ho any ny mpiteny tigrea ao Eritrea. Ny Tigrea (vahoaka tigrea) dia hita indrindra any amin'ny faritra andrefana ao Eritrea, na dia isy aminy ny monina any amin'ny tany avo any avaratr'i Eritrea sy any amin'ny sisintany itambarany sy i Sodàna, sy any amin'ny morontsiraka eritreanan'ny Ranomasina Mena ao Zula.

Ny Tigrea dia tsy afangaro amin'ny mpifanila tany aminy ao atsimon, dia ny Tigraiana ao Eritrea sy ao Etiopia izay miteny tigrinia. Nipoitra avy amin'ny fiteny gezy ny fiteny tigrinia, nefa samiy hafa tantaearaka amin'ny fiteny tigrea na dia mitovitovy ny anarana iantsoana azy roa ireo.

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_tigrea&oldid=978667"

Voaova farany tamin'ny 24 Desambra 2019 amin'ny 11:55 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.